


Nekena!

Zanak'Andriamanitra aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Tiako ny fomba nandikan'ny Dikan-tenin'ny "King James" Baiboly ny Efesiana 1:6, noho ny teny iray manokana hoe: "ekena".

> "Ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, izay nampankasitrahany antsika ao amin'ny Malala"

Averina indray, fa rehefa miteny Andriamanitra hoe ekena isika, dia tsy midika akory izany hoe leferina fotsiny isika. Midika izany fa tena ankasitrahana isika. Isika no andrian'ny Fikarakarany, sy fitandremana feno fitiavana manokana. Isika no laharana voalohany amin'ny lisitry ny zavatra tokony Hokarakarainy eo amin'izao tontolo izao. Tsy ahilika eny an-joron-trano isika ka miteny hoe: "Andraso fa sahirana aho", na "Tsy manam-potoana ho anao aho izao", na "Aza mitabataba; fa Matory i Dada." Fa hoy izy: "Tena mahaliana ahy ianao. Mila anao aho. Tongasoa ianao. Mandrosoa; Efa ela aho no niandry anao."

Tahaka ilay ray ao amin'ny tantaran'ilay zaza mpandany. Tany ivelany izy no nitady ilay zazalahy hody. Ny hafa kosa tsy nila niteny hoe: "Fantatrao ve fa efa nody ny zanakao." Ilay raim-pianakaviana no nahalala voalohany an'izany. Efa fantany talohan'ny fianakaviany manontolo izany. Toy izany koa ny fihetsik'Andriamanitra amintsika ao amin'i Kristy. Tsy nolavina isika. Tsy laharana faharoa eo amin'ny mponina isika. Ary tsy mpanompo isika.

Rehefa niverina ilay zaza mpandany, dia vonona ny hanompo izy. Hoy izy: "Ray ô, ataovy ho isan'ny olona karamainao aho." Raha mamaky tsara an'ilay tantara anefa ianao, dia ho hitanao fa rehefa niaiky ny fahotany ilay zanany, dia nanakana azy ny rainy — tsy navelany hamita ny teniny. Tsy navelany hiteny mihitsy izy hoe: "Ataovy ho isan'ny olona karamainao aho". Mifanohitra amin'izany, fa hoy izy"

> "Fa rainy kosa nanao tamin'ny ankizilahiny hoe: Alao haingana ny akanjo tsara indrindra ka ampiakanjoy azy; ary asio peratra ny tànany sy kapa ny tongony; ary ento atỳ ny zanak'omby nafahy, ka vonoy; ary aoka isika hihinana sy hifaly; fa ity zanako ity efa maty,


fa velona indray, ary efa very, fa hita indray. Dia nifaly izy.” (Lioka 15:22–24)

Miderà an'Andriamanitra!

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa nanavotra ahy Ianao. Manambara aho fa noho ny fahasoavan’Andriamanitra dia “ankasitrahana ao amin’ny malala” aho. Manambara aho fa zanak’Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-165-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis